

VONDRON'NY KANDIDÀ 11

Cenam 67 ha indray anio, kely sisa

EO amin'ny Cenam 67 ha indray, no hiainga ny diabe am-pilaminana ho tarihan'ny vondron'ireo kandidà 11 anio talata. Omaly, tany Ambodimita ao amin'ny Boriboritany faha-6 no nianga izany, ny sabotsy teo kosa, toerana 7 teto an-drenivohitra no niaingana ny diabe, am-pilaminana hatrany izany, na teo aza ny fihantsiana nataon'ireo mpomba an-dRajoelina teny rehetra teny. Ny tsapa koa amin'ity hetsika ity, miha-maroha hatrany ireo olona manara-dia na andro fiasana aza ny omaly, tsy nifanlavitra loatra tamin'ny habetsahan'ny olona ny sabotsy teo, izay andro tsy fiasana. Nambaran'ny kandidà Roland Ratsiraka omaly teny Ambohimanarina fa kely sisa ny tolona izay atao. Raha ny hita sy tsapan'ny rehetra tokoa, kiribiby sisa ny ataon-dRajoelina sy ny forongony, fa tsy hisy izany fifidianana izany, ireo takelaka hazo misy eto an-drenivohitra aza, tsy misy



Ny vondron'ireo kandidà 11 teny amin'ny Boriboritany faha-6 omaly.

afisy na dia ny an'ny kandida Rajoelina ny ankamaroany, toy izany koa ny any amin'ny faritra araka ny vaovao voaray. Mbola tsy tena taitra amin'ilay fifidianana aloha ny olona, fa mila mivaly ny fitakian'ireo kandidà 11 vao hirosoana izany fifidianana izany. Raha ny tamin'ny sabotsy, toerana maro no niaingana ary nihazo an'Ankorondrano sy Antanimena, efa nosakanan'ny herim-pamoretana teo Antanimena ny lalana mihazo ny kianjan'ny 13 mey, tsy hitondra vahoaka

ho alatsa-drà izahay hoy ireo mpitarika ka dia nihazo an'Alarobia Ivandry izy ireo. Tamin'izany no nisy lehilahy iray nosaborin'ny zandary teny Alarobia, araka ny fantatra dia miaramila efa misotro ronono izy io ary efa navotsotra ihany rehefa tonga teny Fiadanana, naratra izy satria nodorahan'ireo zandary. Momba ny hetsika atao, nanambara ny kandidà Filoha Marc Ravalomanana, fa: "tsy basy enti-miady, tsy tafondro enti-mandrava, fa ny hany ijoroana

dia satria isika izao samy miandrindra Tanindrazana, Taninjanaka miolina ambany Lalampanorenana; satria isika izao samy miandrindra Firenena vanona manaja ny zo aman-kasina maha olona manontolo; satria isika izao samy manantena fiandrianam-pirenena tsy mifanohitra amin'ny kolontsaintsika sy ny demôkrasia. Lavitra anefa ny aleha, saingy ny fihabonana ao anatin'ny fahasamihafana no ampinga hanoherana ireo sakana rehetra. Sahiamijoroa mandrakariva," hoy izy. Ankoatr'izany, miantso ireo mpiasa rehetra, na mpiasam-panjakana na mpiasan'ny orinasa tsy miankina hanatevin-daharana ny tolona amin'izay ny kandidà 11. Mila sahy mijoro ny rehetra hoy izy ireo. Namafisiny hatrany fa vonona hiatrika fifidianana izy ireo, saingy mila madio ny kianja ilalaoavana mialohan'ny hirosoana amin'izany.

Stefa

Mpiara-miasa iraisam-pirenena amintsika

Aoka tsy itanila ireo mpitandro filaminana

Manoloana ny fivoaran'ny toedraharaha eto amin'ny firenena amin'izao fotoana, misy ny fanambarana iombonana avy amin'ireo mpiara-miasa iraisam-pirenena amin'i Madagasikara, ahitana ny Vondrona Eoropeana, ny OIF amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana, i Alemaina, Korea, i Etazonia, i Frantsa, Japon, Royaume-Uni ary i Suisse :



fifehazan-tenan'ny tsirairay. Iarahanay manana amin'ny Sampan-draharahan'ny Firenena mikambana misahana ny zon'olombelona ny ahiahiamin'ny fampiasana hery tsy mifandanja amin'ny fanaparitahana ireo mpanao fihetsiketsehana avy amin'ny mpanohitra. Izahay manao sonia dia mamporisika ny ezaka amin'ny fifampiresahana izay mety hitondra vahaolana azo tsapain-tanana

hamerenana ny fahatokisana ny zotram-pifidianana sy hampahomby ny fifidianana. Raisinay mpiara-miasa izay manao sonia ihany koa ny daty vaovao hanatanterahana ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana. Fanirianay ny hampifanaraka ny zotram-pifidianana amin'ireo fenitra iraisam-pirenena, izany hoe mangarahara, azo antoka, handraisan'ny rehetra anjara ary am-pitoniana, izahay dia

manamafy ny maha-zava-dehibe ny fiantohana ny fahalalahan'ny mpilatsaka hofidiana rehetra hivesivezy, ny fahalalahan'ny fivorian'ny olom-pirenena am-pilaminana, ary ny fampitovian'ireo manam-pahefana sy ny haino aman-jerimpanjakana ireo mpilatsaka hofidiana, hampitombo araka izay tratra ireo mpandray anjara ary hiantohana voka-pifidianana eken'ny rehetra."

Nangonin'Isambilo

Filohan'ny FMF vaovao Nandresy ny kandidàm-panjakana, tsy misy vehivavy na iray aza ny CE

Nandresy an'ireo kandidà 5 nifaninana tamin'ny isa 14 noho ny 4 sy 4 ary 0 sy 0, teo amin'ny fifidianana izay ho filoha vaovao hitantany ny FMF « Federation Malagasy de Football », Randriamanampisoa Alfred izay kandidàm-panjakana nanambara an'izany teo imason'ireo mpanotona, tamin'ny AGE an'ny FMF natao teny amin'ny Novotel Ivandry tamin'ny saboty 14 oktobra 2023 lasa teo. Anisan'ny teny voalohany nambarany taorian'ny nahalany azy ny hoe : « Misaotra ny filoham-pirenena Andry Rajoelina nanaiky ny firotshahako ho fidiana tamin'ity fifidianana ity ny tao anarahan-dalàna niseho tao amin'ny Antenimierandoholona.

Helisoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Raharaham-pirenena Toa ataon'ny forongon-dRajoelina tery vay manta avokoa

Mibaribary amin'izao fotoana fa toa atao tery vay manta avokoa ny raharaham-pirenena, atao " tiankano tsy tian-kano ", "Jadona", ny zava-misy eto amin'ny firenena. Porofa maro no ilazan'ny vahoaka izany manodidina ny zava-misy sy miseho eo amin'ny samy mpitondra ohatra, nefa dia manimba tanteraka, miantraika amin'ny fiaraha-monina sy ny tontolo manodidina iainan'ny be sy ny maro, izay porofa mazava fa mampihemotra antsika manerantany mihitsy.

Ny eo amin'ny samy mpitondra aloha dia gaga ny rehetra, fa na ny famindram-pahefana "passation" teo amin'ny filoha vazaha Andry Rajoelina teo aloha sy ny Praiminisitra mpitondra vonjy maika aza dia toa tsy tazana akory, vitavita tamin'ny fomba manala baraka, manampy trotraka ny fomba fanomezam-pahefana Jeneraly iray efa misotro ronono sy efa naloan'ny olona tamin'ny tantara 2009, nefa dia natosika mafy hitsofoka ao amin'ny Antenimierandoholona ao, ka nahavoatery ny filoha tompon-toerana nilaza, fa mba misy ihany lalàna mifehy ifampitondrana ao anatin'ny nefa dia tofotana baomba tanteraka, ka na ny fomba nandaniana azy na ny fepetra tokony ho narahina tamin'ny fametahana samboady, dia efa fandikana lalàna avokoa. Tena tery vay manta tokoa, satria fiantsoana fivoriana tsy ara-potoana natao maikamaika nefa anio talata dia efa natokana ho amin'ny fivoriana ara-potoana faharoa, fa dia nanomezan'ny governemanta fanekena hafahafa ihany ny alarobia alina lasa teo.

Loholona misalotra fehitenda miloko lôranjy avokoa ny ankamaroan'ireo tonga tao, na dia efa nirava aza ny fotoana dia lasa nanao fifidianana tsotsotra nandaniana ity Jeneraly baomba ity, izay efa paik'ady natao mihitsy, satria raha miverina any indray ny fitantanana, dia lamina namboarina mba ho tetezamina hafa kely indray, ka hatao tetezamiatatra mihitsy mba hiverenana eo indray, sady efa porofoin'ity fifidianana mody hahemotra herinandro ity, nefa mety ho lasa an-taonany mihitsy raha ny fanirian-dry zareo. Fampifangaroana ny fiainan'antoko sy ny andrimpanjakana ny toy izao, ary fandikan-dalàna tanteraka, izay hamafisina fa tandrevaka nivoaka tao amin'ny HCC avokoa, miaraka amin'ny Ceni, izay tompon'andraikitra miray petsapetsa amin'ny ratsy, ary dia manala baraka ny firenena manontolo mihitsy raha atao in-dray mijery.

Beharo

Christine Razanamahasoa Andrasana ny lahateny ho ataony anio

Misokatra anio 17 oktobra, ny fivoriana ara-potoana faharoa ny andrimpanjakana mpanao lalana eto Madagasikara dia ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena izany araka ny voafaritry ny lalàna . Raha ny zavatra nisy tao anatin'ny fotoana fohy anefa dia miovia ny fandehan-javatra teto amin'ny firenena, indrindra ny tao amin'ny Antenimierandoholona izay nanongotana manta ny filohan'ny Herimanana Razafimahefa, nosoloina tampoka ny Jeneraly misotro ronona Richard Ravalomanana nalaza tamin'ny fanapohana baomba ireo mpitolona nandritra ny fi-

tondràn'i Andry Rajoelina . Hisokatra anio araka ny voalaza tetsy ambony ny fivorian'ireo depiote sy loholona . Ny loholona tsy asiana resaka fa raha ny tokony ho izy dia ny filoha naongana aloha no tokony mbola ho eo, satria ny HCC tsy nilaza ny heviny hatreto raha tokony mbola hankatoviny ny fametrahana an'i Ravalomanana Richard ho filohan'ny Antenimierandoholona na tsia . Fa raha ho an'ny solombavambahoaka dia andrasana fatratra ny lahatenin'ny filohan'ity andrimpanjakana ity , satria vao avy tany ivelany izy araka ny fanambaràny raha nanonta-

nian'ny mpanao gazety ny tenany teny Tanjombato . Mafanafana ny raharaha eto Madagasikara ankehitriny hoy izy tamin'izay ka tsy ilaina ny heristratra . Raha ny zavatra hita ihany koa dia tsy tazana ny filoha Christine Razanamahasoa nandritra ny fandalovan'i Andry Rajoelina tany Fianarantsoa nanao propagandy . Any Tsimbazaza ny mason'ny olom-pirenena indray, satria nisy ireo depiote nametraka fitoriana teny amin'ny HCC mikasika ny tsy fanarahan-dalàna niseho tao amin'ny Antenimierandoholona.

sabotsy io). Anisan'ny teniny nanaraka an'izay koa ny hoe : « Mahatoky anareo ligy 22 aho fa hahay hisafidy izay olona hapehiana ho CE afaka hiaraha hiasa amiko ianareo (na dia mbola vao hanomboka aza ny fifidianana Mpanolontsaina tamin'io). Dia mazava loatra fa ireo olona efa novolavolaina mialoha niaraka tamin'ireo filohana ligy niisa 14 niara nanatitra taratasy filantsaha-kofidian'ity filoha vaovao ity teny Isoraka ireo olona 10 voafidy ho CE na Komity Mpanatanteraky ny FMF tamin'izany : Rabevahiny Arlème, Rosario Marie, Ratovoheri Solonirina, Pontiac Jean Théophan, Rabemanantsoa B. Edouard, Tsitohara Serge Thierry,

Ny Valosoa